# ALAHADY FAHA 16 MANDAVANTAONA -A- 2023



## *MAHANDRY ANDRIAMANITRA ARY MAMINDRA FO*

Ry Kristianina havana, ao anatin'ny fanatanterahana ny Sinaody isika ary miomana amin'ny fanamasinana ireo diakra ho pretra eto amin'ny diosezy ka izao indrindra no fotoana tsy maintsy anaovantsika vavaka totoafo mba hihavao tokoa ny fo amam-panahintsika fa indrindra ny lohahevitra dinihintsika amin'izao fijanonana faharoa, dingana faharoa dia ny hoe "Eglizy kely miaro sy mikolokolo ny tontolo iainana izao". Naverimberintsika fa io ny vôkasiontsika tamin'ny nahariana antsika, raha tiantsika hiarina indray ity Tranobe Iombonana efa robaka ity dia tsy maintsy mivelona indray io vôkasiontsika io isika. Mitaky fiovam-penitra mahery vaika mitondra antsika hanana toetra manambara halemem-panahy, manambara fahatsoram-po. Ho sambatra isika amin'izany satria ho tonga diosezy maintso ny diosezintsika, ity faritra misy antsika ity. Zary diosezy feno fanantenana ny diosezintsika, ka ho feno fanantenana koa ny ho avy. Izany tokoa ny manamarina ny teny faneva na slogan averimberintsika tsy amaray ny ho avy fa niany. Sambatra isika raha tanteraka izany, zary TARANAKA MANORINA FA TSY SANATRIA TARANAKA MANDRODANA.

**Vakiteny I :** Fah. 12, 13. 16-19
**Tononkira :** Salamo 85
**Vakiteny II :** Rôm. 8, 26-27
**Evanjely :** Mt. 13, 24-43

Amin'izao Alahady faha-16 mandavantaona izao dia mampianatra sy manambara amintsika ny tenin'Andriamanitra fa Andriamanitra manana faharetana tokoa izy, mamindra fo, mahandry, tsy mivadika amin'ny fanekeny. Ray mpamindra fo Andriamanitra, izy no mitondra antsika amin'ny fiainana feno famindram-po.

Ambaran'ny vakiteny voalohany :"*Tsy misy Andriamanitra hafa afa-tsy Ianao ihany, izay mitandrina ny zavatra rehetra, mba hahenoana fa tsy manao fitsarà-mitanila Ianao. Fa ny fahefanao dia fanorenan'ny fahamarinana: ary noho Ianao Tompon'ny olona rehetra, no itondrànao azy rehetra amim-pamindram-po*".

Azo lazaina izany fa izao Alahady izao no hanambarantsika fa Ray ny Andriamanitsika ary tsy misy miafina aminy ny momba antsika. Ray be fitiavana sy famindram-po izy ary tsy manao fitsarana mitanila fa ny hahasoa antsika no tadiaviny ka aoka àry hatoky azy isika. Aoka koa anefa hazava amintsika fa Andriamanitra Izy ka tsy misy miafina Aminy ny momba antsika rehetra na izay fantatsika na tsy fantatsika na ny lasa na amin'izao ankehitriny izao.

Izany no tian'i Jesoa ambara momba ny fanoharana mikasika ny ahi-dratsy sy ny voa tsara ao amin'ny Evanjely ka anoharany ny momba ny fanjakan'ny lanitra. Ny fanjakan'ny lanitra ambaran'i Jesoa io dia ny fiainantsika andavanandro, ny fontsika izay miara- mitsiry ao ny ahi-dratsy sy ny vary ka hoy Izy: "*Avelao hiara-hitsiry fa rehefa tonga ny fotoana fijinjana dia hisongadina ny vary ka atsipy any amin'ny afo mamaivay ireny ahi-dratsy ireny*".

Hararaoty àry izao fotoana hifampitraofantsika mandritra ny Sinaody izao hijerentsika ny fiainantsika eto anivon'ny diosezy ka hahitantsika ny "ahi-dratsy" izay mety hahasempotra ny "vary" ka tsy hahitantsika fivelarana. Aoka samy hahatsapa fa làlana lehibe iombonana amin'i Jesoa, iombonana amin'ny mpiara-belona, iombonana amin'ny tontolo iainana ny dinika sy vavaka ary fankalazana ny Sinaody. Araka ny averimberintsika dia potika ny fifandraisana dia ny fifandraisana amin'ny zava-boary, ny fifandraisana amin'ny mpiara-belona, ny fifandraisana amin'Andriamanitra. Aoka àry izao fiatrehantsika ny Sinaody izao hanampy antsika hanavao ny vôkasiontsika araka ny naharian'Andriamanitra tanteraka azy. Tanteraka izany raha ataontsika ho ivon'ny fiainantsika ny fibebahana. Izany no antony anomezana toerana lehibe ny sakramentan'ny fibebahana mandritra ny dingana rehetra ataontsika mba hiova tokoa ny fontsika ka hivelomantsika ny maha-Kristianina antsika hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona eo anivon'izao tontolo izao. Hiova ny fanahintsika, hanana ny halemem-panahy ka handova ny lanitra.

Tian'i Jesoa ambara fa Andriamanitra tsy miova ary Ray mandrakizay izy. Hitantsika izany amin'ilay tantaran'ny Ray be fitiavana ao amin'ny Lioka 15, na dia inona ny nataon'ilay zanaka faralahy tamin'ny fitondran-tenany sy ny fanapotehany ny fananany rehetra, dia hafaliana ny an'ny Rainy rehefa niverina sy nibebaka izy ka nomeny hasina sy asa sahaza azy.

Aoka isika hananararaotra izao fotoana izao mba hihavao tokoa, fotoana hiverenantsika anie izao Sinaody izao ka hahatsapantsika fa ao amin'ny Ray no ahazoana ny tena hafaliana. Misy ny mbola varimbariana sy feno fialonana tahaka an'ilay zanaka lahimatoa, miantso antsika Andriamanitra ary mangoraka antsika Izy, ao aminy isika no hamokatra be sy handova ity tany ity.

Toy izany koa ny fanoharana momba ny voatsinapy, mety mieritreritra aza isika hoe toa tsy misy fiovana ny fiainana na dia misy ezaka. Ny tian'Andriamanitra dia ilay ezaka ataontsika na

dia kely aza, aoka ny fontsika ho tany lonaka hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra, na dia kely aza toy ny voatsinapy dia hitombo tahaka ny mofo asiana lalivay.

Mila ny fahafoizana izany rehetra izany, na ny fanoharana momba ny ahi-dratsy na ny voatsinapy dia manentana antsika hahafoy tena, aza faly mandray fotsiny. Aoka tsy ho "consommateurs" fotsiny fa mba hanolotra ihany koa. Aoka araka ny vavaka ataontsika amin'ny Sinaody mba tsy ho mpitazana na ho mpitan-damba, mandray an-tànana fa tsy miandry tolorana, ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA. Izany no finoana velona, sady mandray no mahafoy. Aoka izany hafatra soa izany no hanentana ny fiainantsika fa indrindra amin'izao fanatanterahantsika ny sinaody izao. Fantaro ry tanora zandry malala, raha tiantsika hisy vokatra tsara eo amin'ny fiainantsika dia aoka tsy handray fotsiny isika fa hahafoy koa, aoka hahafoy fotoana isika, aoka hahafoy ireo "caprice"-ntsika izay mahazatra antsika, hahafoy ho an'i Jesoa isika ka amin'izay, araky ny voalazan'i Md Paoly, dia ny fanahy no hanohana ny fahalementsika.

Mety hanontany tena isika satria sady tsy mahafoy tena no tsy mahay mivavaka ka ho lany fotoana amin'ny ezaka atao. Fantaro àry, hoy Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, amin'izao Alahady faha-16 mandavantaona ao anatin'ny fanatanterahantsika izao Sinaody izao izay anaovantsika vavaka totoafo fa mety tsy mahay mivavaka tokoa isika saingy matoky fa ny Fanahy hanohana antsika amin'izany, "*ny Fanahy no manohana ny fahalementsika, satria na izay mety angatahintsika aza tsy fantatsika, fa ny Tenan'Izy Fanahy ihany no mangataka amin'ny fitarainana tsy hay lazaina; ary Izy mikaroka ny fo no mahalala izay irîn'ny Fanahy, sy ny fifonany araka an'Andriamanitra ho an'ny olomasina*." Ny tadiavin'Andriamanitra amintsika dia isika hahafoy ho Azy.

Ry Jesoa Tompo ô miatrika izao Sinaody izao izahay, tsy miafina aminao fa mbola maro ny zavatra mifangaro ato am-ponay, ao ny faniriana tsara te-handray andraikitra, te-handray an-tànana ny fiainanay nefa eo koa ny fakam-panahy izay mahasarika anay ary indrindra eo ity krizy izay tena mavesatra aminay ka mamatotra anay ity. Koa enga anie mba hanana fanetren-tena izahay ka hanolo-tena aminao ry Jesoa. Maharitra sy be famindram-po ianao ka enga anie mba hisy fanapahan-kevitra horaisinay hoentina izao Sinaody izao ka ho EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DIA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA KA ZARY KRISTY MPIARA-BELONA MISIONERA TABERNAKLA. Masina Maria Reny, matoky ny fanampianao izahay, ny vavakao amin'ny dinika ataonay ka ho afaka hanavaka ny tsiparifary sy ny vary izahay. Md Josefa, Ray Mpiaro ny Eglizy, Eran-tany mivavahà ho an'ny Fianakaviana mba ho Eglizy kely tokoa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson